
# ALAHADY FAHA-16 MANDAVANTAONA - TAONA B 2024



***« Ary nony nivoaka avy tao antsambo i Jesoa dia nahita ireto vahoaka betsaka ka nangoraka azy » (Mk. 6: 34)***

Ry Kristianina havana, izao Alahady tsotra faha-16 mandavantaona izao no mampiditra an'ireo pretra eto amin'ny diosezy amin'ny laretirety. Andro koa hirosoan'ireo Masera CIM amin'ny voady sy amin'ny chapitre général. Entintsika ambavaka ireo zava-dehibe eto amin'ny diosezy amin'izao fiomanantsika akaiky amin'ny fankalazana ny KEN 2024 eto amintsika..

> **Vakiteny I :** Jer. 23, 1-6
> **Tononkira :** Salamo 22
> **Vakiteny II :** Efez. 2, 13-18
> **Evanjely :** Mk. 6, 30-34

Entintsika am-bavaka ny pretrantsika mba hanahaka ny Senakla izao fifampitrahofan'izy ireo izao ka hitondra ihany koa amin'ny Pantekoty vaovao. Ny Fankalazana ny KEN ihany koa hanamafy ny fahafoizan-tenany sy fahavonona hanompo ka hahatonga azy ireo samy hanana fiainana eokaristika fa ny Eokaristia sy ny mahapretra dia tena mifaningotra tsy azo sarahina. Tsy misy ny Eokaristia raha tsy misy ny pretra ary ny Eokaristia no mamelona ny pretra.

Enga anie io KEN 2024 io hanampy antsika rehetra tolagna hanao "nouveau départ", Pantekoty vaovao ka hiroso ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA ISIKA JIABY HAMAFY FANANTENANA, FIHAVANANA FA NY FIHAVANANA NO MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO. Ny faniriana sy ny tanjona dia mba hiroso ho génération Mpanorina tokoa manorina Fianakavian-janahary, ho

fianakaviamben’Andriamanitra isika Jiaby ho FRATELLI TUTTI ho OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Izany fanorenana izany araky ny efa fantatsika dia tsy maintsy vokatry ny fahavononana, samy fola-kevitra izay mitaky fahafoizana, faharetana, fahasahiana, fitiavam-bavaka sy fandraisana an-tànana. Ireo no toe-panahy hanampy antsika hiroso hameno ireo siny, sajoa saota, siny 6 araka ny hafatr’I Masina Maria : “Ataovy izay lazaina aminareo…” : mivavaka, mandalim-pinoana, mirotsaka, mikatroka, mivory, mandray an-tanana, mankalaza…

Ny fankalazana ataontsika amin’izao KEN 2024 izao dia fambara lalina ho antsika. Matetika isika milaza fa tsy misy kisendrasendra fa ambaran’Andriamanitra amintsika tokoa ny sitrany ahafahantsika miroso. Azontsika lazaina fa tonga mamangy antsika I Jesoa Fihavanana, eto anivon’ny tanantsika izy amin’ny KEN, eto anivon’ny diosezy, eto anivon’I Madagasikara… Anjarantsika no mampandroso Azy ka izay mampandroso dia mahazo fahasoavana ary izay no fanasitrana. Inona moa no mety dikan’ny hoe “MAMPANDROSO AN’I JESOA FIHAVANANA?” Aza hadino ireo “mots de passe” telo nentintsika miroso amin’izao KEN izao dia ny : HENOY IZY, MITOERA, MANOMPO… raha mampandroso an’I Jesoa isika tahaka ireo mpianatra tany Emaosy avy nihaino an’I Jesoa dia nibebaka ka tsy nihaino ny tenan’izy ireo fa niteny tamin’I Jesoa hoe: Mandrorona ity ny andro mitoera aty aminay… Nandroso I Jesoa ka teo am-pamakiana ny mofo dia tsy hita intsony I Jesoa fa nirehidrehitra ny fon’izy ireo. Toraka izany ihany koa no antenaintsika hiseho amin’ny 25 Août, samy hirehidrehitra ny fontsika ka lasa miverina any amin’ny tany iaviantsika isika tsirairay zary Mpampihavana, zary « génération mpanorina” fa tsy “génération mpandrodana”. Izany hoe avy amin’ny KORONTANA isika, avy amin’ny Krizy maro lafy no manao “départ vaovao” ka miditra amin’ny Pantekoty vaovao. Araka ny fantatsika, ny Pantekoty dia maniraka mandrakariva ka isika no “génération Fihavanana” dia irahina ho EOV MISIONERA HO TABERNAKLA VELONA. Io indrindra no andrasana amin’izao KEN izao. Irahina isika izay iray aina amin’I Jesoa Fihavanana hitarika ny Tolagna, hiara-dia amin’ny olo jiaby ka hampanjaka ny Fihavanana sady kristianina no malagasy. Mampahatsiaro ny Konsily voalohany tany Jerosalema… Miandry antsika izao tontolo izao potika, ny Tranobe Iombonana potika, miandry antsika ny diosezy….

Ireo Tenin’Andriamanitra aroson’ny Eglizy amin’izao Alahady faha-16 mandavan-taona izao dia tena mifanaraka tokoa amin’izany dinika sy fifampizarana natao amintsika izany, izay mampisongadina ny tanjon’ny KEN “JESOA FIHAVANANA HAMELONA NY VAHOAKA”. Hoy indrindra ny foto-kevitra : *« Ary nony nivoaka avy tao an-tsambo i Jesoa dia nahita ireto vahoaka betsaka ka nangoraka azy*”.

Mananatra antsika tokoa i Jeremia ao amin’ny vakiteny voalohany, ny mpaminany dia mahalala ny sitrak’Andriamanitra ka manoro azy amin’ny vahoaka, tsy manao kobaka am-bava fa milaza ny marina. Eto i Jeremia dia mampitandrina sy manao teny mafy amin’ireo mpiandry ondry tsy nahantanteraka ny asa nankinina taminy : “*Mila loza ny mpiandry*

*manary sy manahaka ny ondry eo amin'ny kijanako, — teny marin'ny Tompo. Koa izao no lazain'ny Tompo, Andriamanitr'i Israely, ny amin'ireo mpiandry miandry ny vahoakako: Ny ondriko dia nahahakareo, naronjindronjinareo; tsy niahy azy ireo ianareo. Koa indro Aho kosa mba hiahy, hamelezako anareo, ny haratsian'ny nataonareo, — teny marin'ny Tompo"*

Ataoko fa tsy mila averina amintsika pretra ireo tenin'i Jeremia. Raha maniry "départ vaovao" isika raha maniry Pantekoty Vaovao isika vokatr'izao KEN 2024 izao dia mazava io tenin'I Jeremia Mpaminany io. Mila fibebahana avy amintsika Lohan'ny Tolagna raha te hiroso isika. Fantatsika fa ny pretra dia manahaka an'i Kristy, mitafy an'I Kristy izay mpiandry ondry tsara, nefa mifanohitra amin'izany ny voalazan'i Jeremia eto. Isika tsirairay dia anisan'ny mpiandry ondrin'ny Eglizy Olona Velona, mpiandry ondrin'ny fanahintsika isika ka loza ho antsika raha tsy mikarakara izany isika. Izany no dikan'ny fahafoizana, fanompoana anatin'ny fahamarinana izany hoe fivelomanana ny fiainana eokaristika izay antenaintsika ho vokatry ny KEN 2024.

Inona ny asan'ny mpiandry ondry azo anankinana ny Eglizy Olona Velona olon'Andriamanitra ?

*"Hanangana mpiandry ondry izay hiandry azy ireo aho"*, isika izao no mpiandry ondry hatsangan'Andriamanitra fa indrindra ianareo tanora izay averimberina matetika ny hoe niany ny hoavy fa tsy amaray, ianareo no génération mpanorina, ianareo no génération KEN 2024, ka hahatonga antsika jiaby ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA ho génération mpanorina Eglizy Olona Velona sy Eglizy Tranon'Andriamanitra.

Amin'ny Evanjely androany dia naniraka ireo mpianany i Jesoa hanao ny asa pastôraly, vitan'izy ireo soa aman-tsara izany ka niverina teo amin'i Jesoa izy ireo. Izany ihany koa no ataontsika amin'izao fanjava saserdotaly izao. Mifampitraotra isika handinika ny fiainantsika fa indrindra miatrika izao KEN izay loharano sy fototra ny fiainantsika izao.

Mpanompo voairaka isika na dia tsy mendrika aza, tsy maintsy manatanteraka ny asan'Andriamanitra isika ary raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra no hanao ny asantsika. Maniraka antsika àry i Jesoa sy manome hery antsika ary manome fahefana fa kosa tsy fahefana entina mamoritra, mandrava na manapotika fa fahefana ho entina manompo ka tò teny mampijoro "génération mpanorina" isika satria izany ny angovo omen'Andriamanitra antsika vokatry ny fahafoizana, fanompoana ao anatin'ny fahamarinana lavitra ny fitsarahambelatsihy. Henontsika ny Evanjely mitantara ny nataon'i Jesoa, nangoraka ny vahoaka izy, io ny toe-panahy tsy maintsy ho entintsika manatanteraka an'izany mba ho génération mpanorina isika. Izany ny anjaram-piainantsika, tsy maintsy mamahana ny vahoaka isika ary fantaro fa tsy isika no tompon'antoka amin'izany fa isika mitoetra ao amin'i Jesoa ary itoeran'i Jesoa ka afaka mamahana ny vahoaka. Io no

fahagagana, io ny Eokaristia. Betsaka ny mbola milaza sy manontany aiza ny fahagagana ? Io no fahagagana sy henointsika bebe kokoa amin'ny Alahady ho avy Enga anie hanahaka an' i Jesoa Miandry Ondry, mahafoy ary manompo fa tsy sanatria arak'ilay voalazan'i Jeremia mpaminany ao amin'ny vakiteny voalohany. Ho toa an'i Jesoa mikarakara ny vahoakany sy milaza amin'ireo mpianany mba hiala sasatra.

Manamafy izany ny hafatr'i Md Paoly tsy ho anay pretra ihany fa ho antsika rehetra, matoa i Kristy tonga dia tsy misy fanavakavahana, eritrerintsika olombelona ny fanilikilihana fa i Kristy nanolotra ny ainy nandatsaka ny ràny teo amin'ny hazo fijaliana dia mba hampihavana antsika, hampihavana ny tany sy ny lanitra, hampihavana antsika amin'ny zava-boahary. I Kristy fihavanantsika. Izany no mahatonga antsika mamerimberina fa mila fihavaozana araka ny Evanjely ny fihavanana raha tiantsika ho tena soatoavina manampy amin'ny fanorenana ny Tranobe iombonana. Mila fihavanana sady kristianina no malagasy. Anisan'ireo irintsika ho vokatry ny sinaoda izany fihavanana sady kristianina no malagasy izany satria tena Pantekoty vaovao tokoa ka mitondra antsika amin'ny fanorenana ny FIANAKAVIAN-JANAHARY, FIANAKAVIAMBEN'ANDRIAMANITRA, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY. Ny fihavanana sady kristianina no malagasy no hampiombona antsika, haha oloaraiky antsika, hitoetra amin'i Jesoa isika sy itoerany koa ka handrindra ny fiainantsika araky ny sitrak'Andriamanitra. Zanak'Andriamanitra isika, manantanteraka ny asany ka mivelona bebe kokoa ny maha Kristianina antsika, ny maha Kristy mpiara -belona amin'olona antsika ka hiova ny fifandraisantsika samy isika, hirindra araky ny fandaminan'ny fianakavian'Andriamanitra izany ka hahitantsika vokatra tsara ary hilamina ny fiainantsika. Hampirindra ny fiainantsika amin'ny zava-boaary koa izany, toy izay ho mpandoro tanety isika handrava ny ala dia hiezaka isika hanavao ny fomba fiainantsika, hiezaka isika ka mba ny tontolo iainana no hanampy antsika hanana ny fivelarana, hanaja azy isika mba ho hajainy amin'izay hamokatra ny tontolo iainantsika ka hirindra ny fambolena sy ny fiompiana eo amintsika ary ho tena génération mpanorina tokoa isika eo amin'ny fiainantsika andavanandro. Tanteraka izany raha fola-kevitra isika ka hahafoy, hanompo ao anatin'ny fahamarinana. Hahay hifanasoa sy hifampitsimbina ka hikatsaka ny soa iombonana. DIA NY FIHAVANANA TOKOA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO MPIRAY TAM-PO ISIKA JIABY….

Ry Jesoa Tomponay ô, nampianarinao amin'ny alalan'ireo tenin'Andriamanitra androany fa ny fanompoana no zava-dehibe ka mangataka aminao izahay, aoka ho vahoakanao tokoa izahay, hahay hihaino ny teninao, hanatanteraka ny fampianaranao ka hiezaka tokoa hifanasoa sy hifampitsimbina izahay ary hikatsaka mandrakariva ny fanjakanao. Tsy misy fanilikilihana ao Aminao ka enga anie izahay ho olo araiky ao aminao tokoa.

Ry Tompo mpiandry ondry tsara ô, ampianaro izahay hahay hanampy izay rehetra maniry hiombona sy hitady ny marina, ireo izay mivelona mandrakariva ny soatoavina, ny

fihavanana, ho fihavanana sady kristianina no malagasy ka hitondra anay ho génération mpanorina, ho génération fihavanana ka hitarika ny olona hiara-dalana amin'ny fanorenana ny fianakaviamben'Andriamanitra, Fratelli tutti, ho Olo Araiky izahay jiaby. Masina Maria Renin'ny Apostoly, mivavahà ho anay, mivavahà ho an'ny pretra mba hanahaka an'I Jesoa hahafoy sy hanompo. Md Josefa Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany mivavahà mba hahay hanararaotra izao sinaody izao, izao KEN izao, izahay ka hanorina fianakaviana "eglizy kely". Ampianaro ny Ray rehetra ho Baba tahaka anao.  Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson